INO MALAZA N°13 MARSA 2019

Posted on 12 April 2019

Sary : fitsangantsanganana anovozam-pahalalàna miaraka amin'ireo ankizy tany Ambohimanga, vohitra manan-daja amin'ny tantaran'ny Madagasikara.

Herintaona aty aoriana, miverina indray ny gazety Ino Malaza vokarin'ny ATD Quart Monde Madagasikara ! Araho an-tsipiriany ary ny vaovao nandritra ny taona 2018 !

Indro ary ny gazety n°13 :



INO MALAZA

N° 13 /Mars 2019 / www.atd-quartmonde.org

SAVARANONANDO

Mbola mieritreritra ny tany nampanantenaina ve ireo fianakaviana rava trano ?

Rehefa avy nafindrafindra tetsy sy teroa ireo fianakaviana eny Andramiaranana dia afaka nanangana trano biriky nandritra ny 15 taona nonenany teny noho ny fikirizany sy ny fanampiana "cash transfert" azony. Volana vitsivitsy anefa izay, dia trano 18 no narodana noho ny fanamboaran-dalana. Na nanome, biriky aza ny Sinoa manao ny foto-draftrasa hanafahan-dry zareo manorin-trano any amin'ny toeran-kafa, dia mipetraka ihany ny olana .... " *Tsy manohitra ny soa lombonana izahay, hoy ity renim-pianakaviana iray, fa mba tokony haverina aminay ny onitry ny lainay tamin'ny fanorenan-trano, tokony homena tany izahay hahafahanay manana toeram-ponenana mendrika*". Niara-nidinika tamin'ireo fianakaviana ireo ny ekipa. Fianakaviana 14 amin'ny 18 rava trano no nahazo ny "cash transfert". Inona no karazam-panampiana mety hangatahina amin'ny AFD sy UNICEF? Inona no vahaolana mahartra azo atao? Raha hiteny amin'ny mpitondra eo an-toerana dia tsy maintsy hiresaka an'Andranofeno Izy .... Aiza ho aiza Izao lo teškasa toa lalaovin'ny mpitondra lo? Toa ohatra ny tsy vahaolana mihitsy lo tany nampanantenaina lo. ....

RAMANANTSARA Marceline

Fialambolin'ny mpianakavy.

Ny 26 mey 2018 no nanatontosan'ny ATD Quart Monde ny andro fialambolin'ny mpianakavy tany amin'ny "espace Soatana" Imerintsiatosika, 30 km andrefan'ny renivohitra. Sady fotoana fitsangantsanganana nahafahan' ny fianakaviana efa trotraky ny fialnana nanovo hafaliana amampiadanana ary fanamafisampihavanana amam-piraisankina

ho an'ny mpikambana io no fotoana many nifampazaran'ny rehetra. Ny tapakandro maraina dia nisy fifanakalozan-kevitra isan-tsokajy nandinihana ny toe-java-misy ara-tsosialy mifandraika amin'ny fahantrana lalina sy ny Zon'olombelona. Ny tolakandro kosa dia lalao isan-karazany: zumba, dihy, kilalao, baolina, fakantsary ary fanaovana hosodoko no namarana iny tontolo andro nahafinaritra iny.

Miandalana ny firotsahako

Natao tany Mahajanga ny fifampizarâm-piofanana momba ny fanentanana vaky boky an-kalamanjana ny 6-12 May 2018. Mba hahafahana mandrindra tsara ny fizotry ny fiofanana dia nifandinika aloha ny rehetra tao amin'ny ekipa. Ny tanjon'io fihaonana io moa dia ny mba hifampizarâna traikefa. Nanao fijoroana vavolombelona amin'ny firotsahany eo anivon'ireo tena sahirana ny mpanentan'iray. Nisy koa fanehoana an-tsary ny famaklam-boky an-dalambe tany Philippines.

Tsindrio ary ilay sary mba ahafahana mahazo an'ilay gazety.

MATOAN-DAHATSORATRA

- Savaranonando : mbola mieritreritra ny tany nampanantenaina ve ireo fianakaviana rava trano ?
- Fialambolin'ny mpianakavy
- Miandalana ny firotsahako
- Vaovao iraisam-pirenena : fitaovana mahomby iadiana amin'ny fahantrana sy

fanavakavahana ny fanabeazana
- Fankalazana ny volan’ny ankizy
- Fitsangantsanganana anovozam-pahalalàna
- Andro Iraisam-pirenenan’ny tanora
- Fiofanana hahafantarana bebe kokoa ny Fikambanana
- Izay vao tsapako fa azo atao tsara ny mifanampy amin’ny alàlan’ny torohevitra….
- Fifampiarahabana tratry ny taona